# IREO VAVOLOMBELONA ROA




Lesona 6 hatao ny 11 May, 2024



"Maina ny ahitra, malazo ny voniny; fa ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay"

(Isaia 40:8)




Taorian’ny nahafatesan’ireo mpanao fanavaozana lehibe, dia tsy nisy fandrosoana ny fanavaozana. Nangatsiaka, masiaka ary tsy nandefitra ny fiangonan'ny fanavaozana.

Fiovana lehibe no nitranga teo amin’ny tontolo politika sy filozofika. Ny fiparitahan'ny tsy fandriam-pahalemana dia nitarika ny sasany, toa an’ireo Pilgrims, handao ny fonenany ary hitady fanampiana tany amin’ny “tanin’ny fahafahana”, tany Amerika Avaratra.



Tao Eoropa, revolisiona no endrika nipoahan'ny krizy. Frantsa no firenena voalohany nijoro ho tsy mino ny fisian'Andriamanitra tany Eoropa moderna.

Hatramin’izay, dia niaro ny “vavolombelony roa” Andriamanitra. Inona no nitranga tamin’izy ireo nandritra izany fotoan-tsarotra teo amin’ny tantara izany?



Iza ireo vavolombelona roa ireo?

Hafiriana no nanehoany ny fijoroany ho vavolombelona?

Ahoana no nahafatesany?

Oviana izy ireo no nitsangana tamin'ny maty sy nankarina ho any an-danitra?

Inona no mitranga avy eo?

# IZA IREO VAVOLOMBELONA ROA IREO?

"Ireo "ilay hazo oliva roa" sy ilay fanaovan-jiro roa, "izay mitsangana eo anatrehan'ny Tompon'ny tany" (Apokalypsy 11:4)

**Mitondra antsika ho amin'ny fahitan'i Zakaria 4 ny filazana ny amin'ny hazo oliva roa sy ny fanaovan-jiro roa (Apok. 11:4). Hita ao ny hazo oliva izay manome diloilo hampiononoka ny fanaovan-jiro fito rantsany (Zak. 4:1-3, 12).**

**Ny hazo oliva dia "ireo voahosotra roa" izay maneho ny "tenin'i Jehovah" miaraka amin'ny fanaovan-jiro (Zak. 4:6, 14). Izany hoe ny Testamenta Taloha sy Vaovao.**






# IZA IREO VAVOLOMBELONA ROA IREO?

**Milaza ny amin'ireo vavolombelona roa ny Apokalypsy 11 amin'ny fanaovana tadindona an'i Mosesy sy i Elia:**





| Mitafy lamba fisaonana (3) | Mitsangana eo anatrehan'Andria manitra (4) | Raha misy te hanisy ratsy azy ireo, dia misy afo mivoaka avy ao aminy (5) | Manidy ny lanitra izy ireo mba tsy hilatsahan'ny orana (6a) | Manova ny rano ho ra izy ireo ka miteraka areti-mandringana (6b) |
|---|---|---|---|---|
| Voaro tamin'ny fotoan-tsarotra ny Baiboly | Tsy navelan'Andria manitra ho foana ny teniny | "Mandevona" ny fahavalony ny hafatra ao amin'ny Baiboly (Jer. 5:14) | Izay mandà ny Baiboly dia tsy mahazo ny ranonoran'ny Fanahy Masina (ny menaka). | Ireo izay nianatra Baiboly ihany no nafahana tamin'ny loza sy ny haizina ara-panahy tamin'ny Moyen Âge. |

Toa an'i Mosesy sy Elia, dia hiaritra fanenjehana lehibe ny Baiboly. Hiady amin'ny fitondrana tsy mino ny fisian'Andriamanitra izy. Mety handrehitra firehetam-po mivaivay izy... Manamafy ny fahamarinan'io faminaniana io ny tantara.

# HAFIRIANA NO NANEHOANY NY FIJOROANY HO VAVOLOMBELONA?

“Ary homeko hery ny vavolombeloko roa, ka haminany enim-polo amby roan-jato amby arivo andro izy, sady hitafy lamba fisaonana.” (Apokalypsy 11:3)

Manomboka amin’ny fahitana ny amin’ny Fitoerana Masina any an-danitra, sy ireo izay miankohoka eo anoloan’ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra ny Apokalypsy 11 (Apok. 11:1).


Ny tany no kianjan’ny Fitoerana Masina any an-danitra, izay hanitsahan’ny “Jentilisa” – ny tsy mino – ny “tanàna masina” – ny olon’Andriamanitra – mandritra ny 42 volana (and. 2).

Mandritra izany fotoana izany, dia hitafy “lamba fisaonana”– fahoriana lehibe – ny Tenin’Andriamanitra (and. 3) [42 volana x 30 andro = 1260 andro (ara-paminaniana, 1260 taona)].



Nanomboka tamin’ny taona 538, dia nametraka tsikelikely ny fomban-drazana teo ambonin’ny Tenin’Andriamanitra ny Eglizy Romana, ka tonga hatramin’ny fandrarana ny famakiana ny Baiboly sy fanamelohana ho faty izay nanana izany, na namaky azy, na niaina araka ny finoany (fotopampianarany).

Teo amin’ny fiafaran’io vanim-potoana io, dia nahazo fotoana fisentoana kely tamin’izany fanenjehana izany ireo mpanao fanavaozana (Mat. 24:22).



# AHOANA NO NAHAFATESANY?

"Ary rehefa tanteraka ny filazany, dia hiady aminy kosa ilay bibidia miakatra avy amin'ny lavaka tsy hita noanoa ka haharesy sy hahafaty azy" (Apokalypsy 11:7)



**Ny lavaka tsy hita noanoa resahin'ny Apok. 11:7 dia ilay fitoeran'ny demonia (Apok. 9:11; 20:1-3; Lioka 8:30-31). Ilay bibidia dia maneho fahefana ara-politika na ara-pivavahana (toy ireo bibidia hafa ao amin'ny Apokalypsy sy Daniela).**

**Iza no fahefana nipoitra tamin'ny faran'ny 1260 taona, izany hoe tamin'ny 1798 tany ho any?**

**Ny Revolisiona Frantsay, izay nanomboka tamin'ny 1789, dia niteraka ilay antsoina hoe "fitondrana Horohoro" (1793-1794), ka naneho mazava tsara hoe iza no tao ambadik'io fitondrana io: Satana sy ny demoniany. Nantsoina hoe telo lalana io fitondrana io (Apok. 11:8):**



***Sodoma* : Nanomboka tamin'ny vanim-potoanan'ny faharatsiam-pitondrantena lehibe ny Revolisiona**



***Egypta*: Fanjakana tsy mino ny fisian'Andriamanitra (Eks. 5:2), na dia tsy nampaninona azy ireo aza ny niankohoka tamin'ilay "andriamanibavin'ny saina"**



***Teo amin'ny toerana nanomboana an'i Jesosy*: nolavina ny sorona nataon'i Jesosy**

**Nandritra io fotoana io dia nofoanana ny fivavahana, ary voarara sy nodorana ny Baiboly.**

“Ady tamin'Andriamanitra sy ny teniny masina izay tsy mbola natrehin'izao tontolo izao na oviana na oviana no nataon'i Frantsa nandritra ny Tolom-piavotana sy ireo andro nanjakan'ny Horohoro. Ny Antenimieram-pirenena no nandrava ny fivavahana tamin'Andriamanitra. Nangonina ny Baiboly dia nodorana ampahibemaso sady narahina fanevatevana araka izay azo natao. Nohosena teo ambanin'ny tongotra ny lalàn'Andriamanitra. Noravana ireo tsangambato naorin'ny Baiboly. Nofoanana ny andro fialan-tsasatra isan-kerinandro, ary ho solon'izany, isaky ny hafoloana dia nisy andro natokana ho fanaranam-po sy fitenenan-dratsy ny anaran'Andriamanitra. Norarana ny batisa sy ny kominio. Ary nasiana filazana niharihary teny amin'ny toeram-pandevenana ho fanambarana fa torimaso mandrakizay ny fahafatesana.”

EGW (Hery Mifanandrina, p. 283, 284)

# OVIANA IZY IREO NO NITSANGANA TAMIN'NY MATY SY NANKARINA HO ANY AN-DANITRA?


"Ary rehefa afaka ny hateloan'andro sy tapany, dia nisy fanahin'aina avy tamin'Andriamanitra niditra tao anatin'ireo, ary nijoro tamin'ny tongony izy, ka raiki-tahotra indrindra izay nahita azy" (Apokalypsy 11:11)



Namoaka didim-panjakana manafoana ny fivavahana i Paris tamin'ny 26 Novambra 1793. Nofoanana io didy io tamin'ny 17 Jona 1797. Nandritra io fe-potoana naharitra telo taona sy tapany io, dia niravoravo i Frantsa satria "afaka" tamin'ny ziogan'ny fivavahana, sy nampangina ny feon'ny Baiboly (Apok. 11:9-10).

Tsy nangina na fongana anefa ny Baiboly, fa velona indray ary nihanatanjaka kokoa noho ny teo aloha. Nampiely ny hafatry ny filazantsara hatrany amin'ny faran'ny tany ireo misionera protestanta (Apok. 11:11).

Nanangana ny Fikambanana Mampiely Baiboly voalohany tamin'ny 1804 i William Wilberforce ho fampielezana faobe ny Baiboly. Nitombo an'arivony ny dikan-teny ny Baiboly misy, ka lasa izy no boky be mpividy voalohany indrindra eto an-tany. Ankehitriny dia tsy azo sakanana ny fizarana ny Tenin'Andriamanitra. Napetrak'Andriamanitra eo amin'ny toerana izay tsy ahafahan'iza na iza manafongana azy izy (Apok.



# INONA NO MITRANGA AVY EO?

"Ary novohana ny tempolin'Andriamanitra any an-danitra, ka hita ny fiaran'ny fanekeny teo anatin'ny tempoliny; ary nisy helatra sy feo sy kotrokorana sy horohorontany ary havandra vaventy" (Apokalypsy 11:19)

Avy eo amin'ny "fitsanganana amin'ny maty" an'ireo vavolombelona roa, no manomboka ny toko farany amin'ilay fifanandrinana lehibe: ny andro farany.

Ny Fiavian'i Kristy Fanindroany no hamarana io fotoana io, rehefa ho eo am-pelatanan'i Jesosy ny fanjakana rehetra, ary hanjaka mandrakizay Izy (Apok. 11:15).


Hialohavan'ny fahatezerana eo amin'ny firenena izany fotoana izany, ary hifarana amin'ny fandringanana "izay manimba ny tany" (Apok. 11:18).

Ireo toe-javatra rehetra ireo dia voarafitra ao anatin'ny tontolon'ny fiankohofana any an-danitra (Apok. 11:16-17), izay miafara amin'ny fahitana ny fiaran'ny fanekena ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra (Apok. 11:19).

Rehefa tonga ny "fotoana fitsarana" (Apok. 11:18), dia aseho amin'izao tontolo izao ny fenitry ny Fitsarana: ny didy folo izay ao anatin'ny fiaran'ny fanekena.



“Ny Fanahy Masina dia eo anilan’izay tena mitady marina ny tenin’Andriamanitra, manampy azy ireo hahita ireo vatosoa miafina ao amin’ny fahamarinana. Fahazavana avy amin’Andriamanitra no tonga ao an-tsaina, ka mametaka ny fahamarinana eo aminy mba hanana lanjany vaovao sy mamelombelona. Ho feno fifaliana tsy mbola tsapa mihitsy izy. Hitoetra eo aminy ny fiadanan'Andriamanitra. Hita tsy nisy toy izany mihitsy ny hasarobidin’ny fahamarinana. Famirapiratana avy any an-danitra no mamirapiratra eo amin’ny Teny, ka mahatonga ny litera tsirairay ho toy ny voatentina volamena. Andriamanitra mihitsy no miteny ao am-po, manao ny Teniny ho fanahy sy fiainana.”




EGW (Reflecting Christ, 14 Aprilly)